“i Allah dia mankatia ny mpanompo matahotra azy sy manan-karena ary miafinkafina

Tatitra azo avy tamin'i Saad Ibn Abi Waquas (R.A) niteny : Izaho naheno an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny manao hoe : “i Allah dia mankatia ny mpanompo matahotra azy sy manan-karena ary miafinkafina".

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Nanazava i Mpaminany (S.A.W) fa Allah ilay Tsitoha dia mankatia ny mpanompony sasantsasany. Anisan’izany ny mpatahotra azy : izay manaraka ny didin’Allah sy miala amin’ny fandrarany. Ary mankatia ny mpanankarena : ilay tsy miantehitra amin'ny olona afa-tsy i Allah ary tsy miherika any amin'ny olon-kafa. Ary mankatia ny miafina : Ny manetry tena, ny manompo ny Tompony, sahirana amin’izay mahasoa azy, ary ny tsy miraharaha izay mahafantatra azy na miresaka momba azy amin’ny fiderana sy hatsarana.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5545